Blue Ventures Conservation
The Old Library, Trinity Road
Bristol, BS2 0NW, UK
info@blueventures.org
www.blueventures.org

# Fitsipi-pitondrantena

**Ity raki-kevitra ity no solon'ny Fitsipi-pitondrantena ampiasain'ny Blue Ventures ankehitriny**

***Daty nanavaozana azy: Jona 2023***

***Daty hanavaozana azy indray: Jona 2025***

## Fampidirana

Voarakitra ato anatin'ity Fitsipi-pitondrantena ity ny foto-kevitra sy ny fitsipika fototra ahitana taratra ny fitondrantena sy ny fenitra andrasan'ny Blue Ventures avy amin'ny mpiasa ao aminy, ny filan-kevitra, ny mpirotsaka an-tsitrapo, ny mpianatra asa, ny mpiofana, ny mpiasa manasonia fifanrahana aminy, ny mpiasa an-tselika, ny mpiara-miasa, ary ireo solontena hafa miasa ho azy na mitondra ny anarany amin'ny fahaiza-manao rehetra, na mitsidika ny tetikasa na biraontsika. Ireny fitondrantena ireny no manamafy orina ny iraka tontosaintsika ho an'ny mpanjono sy ny ranomasimbe, ary ahazoantsika antoka fa ataontsika izay hisian'ny kolontsaina miaro, mitsinjo, ary miabo, ho an'ireo mpiara-miasa amintsika.

Ireo mpiara-miasa sy solontena hafa izay miasa ho an'ny Blue Ventures na mitondra ny anaran'ny Blue Ventures amin'ny sehatra rehetra dia miasa anatin'ny tranga ahatsapany fa manana fahefana izy matetika, ary nomena fitokisana be (anatin'ny fifandraisany amin'ny fiarahamonina hiasantsika, na orinasa hafa, na eo amin'ny samy mpiara-miasa). Tsy tokony araraotina mihitsy io fahefana sy fitokisana io. Ny isambatan'olona ao anatin'ny orinasa dia tsy maintsy ary samy tompon'andraikitry ny fitandroana ny fenitra maha-matianina sy ny etika, amin'ny asa ataony isan'andro.

**Manan-kery mandritra ny 24 ora isan'andro, fito andro isan-kerinandro, ary 365 andro ity Fitsipi-pitondrantena ity**. Voasoritra ato ny drafitra mifehy ny etika sy ny fitondrantena ilaina, izay sady azo ampiharina amin'ny fiainantsika manokana no azo ampiharina amin'ny asantsika. Noho izany, ny mpiasa rehetra sy ireo solontena miasa ho an'ny Blue Ventures na miara-miasa aminy, amin'ny sehatra rehetra, dia asaina manasonia fanambaràna rehefa manomboka ny fiarahamiasany amin'ny BV (any amin'ny faran'ity raki-kevitra ity), mba hanamafisany fa novakiany sy nazava taminy ilay Fitsipi-pitondrantena ary ekeny ny hanaraka izany amin'ny fotoan-drehetra.

**Tsy leferin'ny Blue Ventures mihitsy ny fitondrantena mifanohitra amin'ny soatoavina fototra sy ny Fitsipi-pitondrantena ao aminy. Raisina an-tanana amin'ny alalan'ny fomba hentitra izay fandikana ity Fitsipi-pitondrantena ity, araka ny politikan'ny BV, anisan'izany ny fandraisana fepetra**.

# Fitsipika Mahasahana Lafiny Maro

1. Ny fahafahantsika manatratra ny tanjontsika ao anatin'ny tontolo sarotra matetika dia mifandray amin'ny fomba fitondrantenantsika, indrindra fa amin'ny haben'ny fitokisana napetraka amintsika. Ny fitokisana apetraka amintsika dia miankina tanteraka amin'ny mpiara-miasa rehetra (sy ireo solontena miasa ho an'ny Blue Ventures na miara-miasa aminy, amin'ny sehatra rehetra) izay mihazona sy mampiroborobo ny fenitra avo lentan'ny fitsipi-pitondrantena, sady manaiky ny andraikiny amin'ny fikajiana.
2. Miorina amin'ny soatoavina sy fitsipika lalim-paka ny asan'ny Blue Ventures; tokony maneho izany ny mpiasa rehetra sy ny solontena hafa miasa ho an'ny Blue Ventures na miara-miasa aminy, amin'ny sehatra rehetra. Tsy mahomby isika amin'ny maha-orinasa antsika, raha toa tsy mahavita maneho fihetsika araka ny soatoavina sy ny fitsipika ato amintsika.
3. Asaintsika manaraka ny lalàna, ny fomba amam-panao, ary ny fomba nentim-paharazana any amin'ny firenena hiasany avokoa ny mpiara-miasa sy ny solontena rehetra ato amin'ny BV.
4. Tokony ampiasaina araka ny tokony ho izy sy amim-pahombiazana ny olombelona, ny fitaovana, ary ny vola rehetra, araka izay antony efa voafaritra hoe tokony ampiasana azy.
5. Ny mpiara-miasa sy ny solontena hafa rehetra izay miasa ho an'ny Blue Ventures na miara-miasa aminy, amin'ny sehatra rehetra, dia tokony manao tatitra momba ny tranga, herisetra, na fanahiana fantany, amin'ny alalan'ny rafitra fanaovana tatitra ara-dalàna, sy/na any amin'ny mpitarika be traikefa ao anatin'ny Blue Ventures.

**Blue Ventures Conservation**
The Old Library, Trinity Road
Bristol, BS2 0NW, UK
info@blueventures.org
www.blueventures.org

6. Raha toa ianao mpitarika na mpitantan'asa be traikefa, dia manana andraikitra manokana haneho ny fenitra tokony alain'ny rehetra tahaka sy **ny fitondrantena mahay mitarika**, mamorona tontolo hiasana izay manohana ny rehetra hanaraka hatrany ireo fenitra, ary mandray an-tanana araka ny tokony ho izy ny fandikana ny Fitsipi-pitondrantena rehetra.

# Fitsipi-pitondrantena

## Fitondrantena manaraka Etika

7. Antenaina fa ianao dia haneho fihetsika mifanaraka amin'ny soatoavin'ny Blue Ventures ary haneho fihetsika miaraka amin'ny fahatsorana, mangarahara, fanajana, ary fahatokiana rehefa miara-miasa amin'ny mpiara-miasa, mpanohana, mpamatsy vola, sy ireo mpiraiombonantoka hafa.
8. Ataonao izay ahazoana antoka fa ny fitondrantenanao dia tsy miteraka loza, fikorontanana, na ratra tsy tokony nitranga akory, ary tsy mampiroborobo na manao izay hisian'ny fitondrantena tsy mendrika asehon'ny hafa.
9. Arahanao ny pôlitikan'ny Blue Ventures rehetra.
10. Milofo ho an'ny fenitra avo lenta ianao rehefa miasa.
11. Raisinao ho andraikitrao ny fihetsika rehetra asehonao.
12. Mazava aminao ny toerana misy anao ary tsy araraotinao izany fahefana anananao izany, hitondranao ny anaran'ny Blue Ventures.
13. Ianao dia tsy mitondra tena amin'ny alalan'ny fomba mampihen-danja ny fahaizanao manao ny asanao, ary tsy mitondra laza ratsy ho an'ny Blue Ventures.
14. Tsy misotro zava-pisotro misy alikaola ianao na mampiasa zavatra hafa misy fiantraikany amin'ny fahafahanao manao ny andraikitrao, na mitondra laza ratsy ho an'ny Blue Ventures.

## Fifanarahana amin'ny Lalàna sy ny Fitsipika

15. Arahanao ny pôlitika sy ny dingana rehetra manan-kery ato amin'ny Blue Ventures.
16. Tsy mitazona ary tsy mahazo tombony amin'ny fivarotana entana na zavatra tsy ara-dalàna ianao.
17. Tsy mandray anjara amin'ny hetsika ataon'ny mpampihorohoro ianao, na mifanerasera amin'ny Ankolafy Tsy Azo hifaneraserana.
18. Tsy mandray anjara amin'ny fikirakiram-bola (volanao manokana na volan'ny Blue Ventures) na hetsika manohana ny ankolafy tsy azo hifaneraserana ianao (oh: orinasa na olona efa voasoratra na voalaza ao anatin'ny lisitry ny fanjakana manara-dalàna hoe tsy azon'ny BV hifaneraserana).
19. Tsy mampiasa ny volanao na ny volan'ny Blue Ventures sy ny fananany ho amin'ny asa fampihorohoroana.
20. Tsy azonao atao ny mamoaka resaka manokana sy tsiambaratelo momba ny Blue Ventures amin'olon-kafa (na dia tomponandraikitr'izany aza isika), raha tsy ny lalàna no mitaky izany.

## Akony amin'ny tontolo iainana

21. Arahanao avokoa ny lalàna, fitsipika, ary fenitra rehetra manan-kery ao amin'ny faritra hiasantsika.
22. Hampiroboroboinao ny fampiasana harena ara-boajanahary amim-pahombiazana ataon'ny Blue Ventures.
23. Ataonao izay mahakely ny akony eo amin'ny tontolo iainana, anisan'izany ny fandotoana ny rivotra rehefa manao dia lavitra, mividy zavatra, ary miara-miasa amin'ny Blue Ventures sy ny mpiara-miasa aminy.

## Fampifangaroana Tombontsoa

24. Miezaka mafy ianao misoroka tranga mety hitarika anao ho amin'ny fampifangaroana tombontsoa na fahitana anao ho toy ny manao izany. Raha toa ianao manana tombontsoa manokana na ara-bola izay mety misy fiantraikany amin'ny asanao na ny lazan'ny Blue Venutres, dia resaho manokana amin'ny lehibenao avy hatrany izany.
25. Tsy manao fandraharahana amin'ny anaran'ny Blue Ventures ianao miaraka amin'ny fianakaviana, namana, na olona/mpiara-miasa, ka hamatsy entana na hanao asa ho an'ny Blue Ventures; na hanao zavatra misy hifandraisany amin'ny asa kanefa tsy nahazoana alalana avy tamin'ny Lehiben'ny Blue Ventures eo amin'ny Firenena (na avy amin'ny Lehiben'ny Faritra raha toa ka Lehiben'ny Firenena no mila alalana), na avy amin'ny Chief Operating Officer, ho an'ireo mpiasa any Royaume-Uni.

## Fitanana ho tsiambaratelo

**Blue Ventures Conservation**
The Old Library, Trinity Road
Bristol, BS2 0NW, UK
info@blueventures.org
www.blueventures.org

26. Tazoninao ho tsiambaratelo ny resaka rehetra saropady momba ny orinasa, ny mpiara-miasa aminy, ary ny mpisitraka. Tsy mamoaka na mampiasa izany resaka izany amin'ny fotoana tsy tokony ampiasana azy ianao, raha tsy efa nahazo alalana ara-dalàna.

## Fahasamihafana, Fahitsiana, ary Fampiatiana

27. Hajainao ny zo fototry ny olombelona rehetra, ary hifantohana manokana amin'izany ireo vondrona atao ankilabao sy havakavahana noho ireto antony manaraka ireto: lahy na vavy, manana tsy fahatomombanana ara-batana, foko, lahy miseho ho vavy/vavy miseho ho lahy, fivavahana, fiteny, fahasalamana, sy ireo toetra hafa.
28. Miasa ianao sady maneho fihetsika manaja ny fahasamihafan'ny kolontsaina, fivavahana, fomba amam-panao, ary finoan'ireo fiarahamonina tohanantsika, hiasantsika, sy ireo mpiara-miasa amintsika. Tsy leferina mihitsy ny fanavakavahana na toa inona na toa inona endriny.
29. Maneho fanajana tanteraka ianao, indrindra amin'ny alalan'ny fitondrantena sy ny teny, ho an'ireo antokom-pivavahana, ho an'ny fomba amam-panao, fitsipika, fanao sy fahazaran'ireo olona ao amin'ny firenena na tontolo misy anao, ary ny toeram-piasanao. Omen'ny BV fanazavana fohy momba io sehatra io ny olon-drehetra hanao dia lavitra any an-toeran-kafa.
30. Mifandray amin'ny hafa amim-pahitsiana ianao, sady manaja ny fiainana manokana sy ny fiainanao arak'asa.
31. Tsy asehonao ny fitondrantena izay efa fantatrao na tokony ho fantatrao fa tsy mendrika, indrindra ao amin'ny sehatra misy anao.
32. Tsy mandray anjara amin'ireto manaraka ireto ianao: resaka fanavakavahana, fanararaotana, fanilikilihana, fitondrantena manalabaraka, na herisetra (ara-batana, ara-nofo, ara-pihetsehampo, ary ara-pitenenana), na fampitahorana na fitrandrahana, na manao zavatra manohintohina ny zon'ny hafa.
33. Mandray anjara mavitrika ianao amin'ny famoronana tontolo feno fiarovana sady tsy misy fanararaotana, anisan'izany ny fanararaotana ara-nofo, ny fanilikilihana sy ny fampitahorana ny mpiasa rehetra ato amin'ny Blue Ventures sy ireo solontena hafa izay miasa ho an'ny Blue Ventures na mitondra ny anaran'ny Blue Ventures amin'ny sehatra rehetra.
34. Tandremo ny toerana hiasantsika amin'ny maha-isambatan'olona antsika, ary ataovy azo antoka fa toerana ahitana ny sokajy isan-karazany izany ary mivelatra amin'ny sehatra rehetra (oh: hametraho fihaikana ireo mpikarakara hetsika sy fihaonambe raha toa tsy ahitana taratra ilay fahasamihafana ny mpandahateny ao aminy, ary entano izy hampisongadina izany misimisy kokoa.)
35. Hametraho fihaikana amim-pitandremana ny asa sahanina ankehitriny.
36. Aoka ianareo hifanohana rehefa manomboka resaka momba ny olana, kanefa ezaho mba tsy ianao indray no melohina ho nanomboka korontana.
37. Mipetraka amin'ny toerana misy ny tena na dia tsy mahazo aina aza – manaiky fa tsy voatery hanana fomba fijery tahaka ny anao avokoa ny olon-drehetra.

## Fampiasana Loharanon-karena

38. Ampiasainao ny loharanon-karena, ny fotoana, ny vola, ny fitaovana sy ny fananana, ao anatin'ny fahatsapana andraikitra sy ny fahombiazana. Tsy ampiasainao ahazoanao tombony na tombontsoa ho an'ny tenanao manokana izy ireny.
39. Tantananao amim-pitandremana ny loharanom-bola sy ny loharano hafa ao amin'ny Blue Ventures, ary atao izay ahazoana antoka fa miasa araka ny tokony ho izy izany, arovana tsy ho lasan'ny mpangalatra, ny mpanao hosoka, ary ny mpanimba.
40. (Ny karama azonao amin'ny asa ihany no tsy voaresaka etoana) Tsy handray tombontsoa manokana ara-bola avy amin'ny vola mivoaka na mihodina amin'ny tetikasa ianao, ny fianakaviana akaiky, na ny namanao akaiky (anisan'izany ny vadinao, ny sakaizanao, na ireo mpiray tanàna aminao), oh: fidirambola fanampiny avy amin'ny hofantrano, fanomezana vokatra na tolotra.

**Blue Ventures Conservation**
The Old Library, Trinity Road
Bristol, BS2 0NW, UK
info@blueventures.org
www.blueventures.org

41. Aza manaiky tsolotra na fanomezana, afatsy marika kely (mety tsy vola na vola kely) fanehoana fankasitrahana avy amin'ny fitondram-panjakana, avy amin'ny olona hiasantsika, avy amin'ny mpamatsy vola, mpanohana, na hafa, izay nomena anao noho ny asa vitanao na noho ny andraikitrao nitondrana ny anaran'ny Blue Ventures.
42. Tsy mangataka na manasa olona hanome vola ho anao manokana ianao, na hanao asa, na mitady fanampiana amin'ny hafa, indrindra avy amin'ny fiarahamonina hiasan'ny Blue Ventures, ho takalon'ny fanampiana, ny tohana, ny zavatra nomena, na ny asa ataontsika ho azy.

## Aroloza

43. Vitainao avokoa ny fiofanana rehetra tsy maintsy atao momba ny fiarovana.
44. Hajainao ny zon'ireo fiarahamonina hiasantsika, hanana ny fiainany manokana.
45. Lazainao amin'ny mpiara-miasa aminao ny toerana misy anao rehefa miara-miasa amin'ny ankizy sy ny olon-dehibe marefo.
46. Aza mampiseho hoe hankasitrahanao kokoa ny olona iray mihoatra noho ny hafa, anisan'izany ny fanomezana manokana atolotra ho an'ny olona hiasantsika.
47. Aza araraotina na hanaovana herisetra ny olona ao anatin'ny fiarahamonina, ny mpiraiombonantoka, na ny mpiara-miasa.
48. Tsy ataonao tsinontsinona ny herisetra mihatra amin'ny ankizy na ny fampiasana azy, sy ny fanararaotana ny olon-dehibe.
49. Tsy manao firaisana ara-nofo amin'ny olona ao anatin'ny fiarahamonina hiasantsika ianao, raha tsy hoe teo amin'ilay toerana mihitsy ianao no teraka na efa mponina teo amin'izany toerana izany nandritra ny fotoana maharitra, ka hita fa tsy noho ny fanaparam-pahefana ataonao no nahatonga anao niaraka tamin'ilay olona.
50. Tsy manao fivarotantena ianao, na toa inona na toa inona endriny. Anisan'ny fivarotantena ny fiarahana izay hanomezana sy/na handraisana fanomezana, vola, tombontsoa arak'asa, na tolotra hafa, ho takalon'ny firaisana ara-nofo.
51. Tsy mandray anjara amin'ny fivarotantena ianao, na toa inona na toa inona endriny.
52. Ekenao ny hizara izay tsara ho fantatra momba ny olo-meloka, ny fanamelohana sy ny raharaham-pitsarana, anisan'izany ny raharaha mifandray amin'ny ankizy sy ny olon-dehibe marefo, na ny fanararaotana ny olona eo amin'ny fiarahamonina tohanantsika, na mifandray amin'ny fahaiza-manaontsika ao anatin'ny asa sahanintsika, na tamin'ny fotoana nidiranao tato amin'ny Blue Ventures, na tamin'ny fotoana efa niarahanao niasa tamin'ny Blue Ventures, na nandritra ny fotoana nitondranao ny anaran'ny Blue Ventures tao anatin'ny sehatra hafa.
53. Tsy manano firaisana ara-nofo amin'olona latsaky ny 18 taona ianao, na efa misy fifanekena natao manoloana ny taona na ny fomba amam-panao ifotony aza.
54. Tsy manao fomba amam-panao manimba sy nentim-paharazana ianao, anisan'izany ny Famorana ny Taovam-Pananahan'ny Vehivavy, ny Fanambadian'ny Ankizy, ary ny Fanambadiana An-Tery.
55. Tsy ataonao mpanampy ao an-trano ny zaza latsaky ny 18 taona.
56. Tsy haka sary na horonantsary na handray ny horonampeon'ny zaza ianao, raha tsy manaja ny fitaovana efa natokana ho an'izany. Tsy manao izany ianao raha tsy efa notakiana tamin'ny asanao izany sady nahazoanao alalana avy tamin'ny Blue Ventures.
57. Ataonao azo antoka hoe manasonia taratasy fanekena avokoa ireo izay nalaina sary, ary ampiasainao amin'ny asanao ato amin'ny Blue Ventures izany sary izany sady mifanaraka amin'ny tari-dalan'ny BV: BV's Photography Guideline.
58. Ianao dia tsy hijery, haka dika mitovy, hamorona, na hizara fitaovana tsy ara-dalàna, toy ny sary mamoafady, ao anatin'ny solosaina/rafitry ny Blue Ventures.
59. Ianao dia tsy handratra na hampitahotra ara-batana, ara-nofo, na ara-pihetsehampo, ireo zaza, olon-dehibe marefo, na mambran'ny fiarahamonina hiasantsika.

**Blue Ventures Conservation**
The Old Library, Trinity Road
Bristol, BS2 0NW, UK
info@blueventures.org
www.blueventures.org

60. Tsy handefa hafatra miafina any amin'ny ankizy ianao, na any amin'ny olona hiasantsika eo amin'ny fiarahamonina, izay nihaona taminao tato anatin'ny asan'ny Blue Ventures; ohatra amin'izany ny hafatra miafina any amin'ny tambajotran-tserasera, raha tsy hoe efa mpiara-monina hatramin'izay ianareo ary efa mpiresaka amin'ny fianakaviany ianao.
61. Tsy hidiranao ny resaka ataon'ny mpitaraina na ny vavolombelona, na sakananao ny fanadihadiana na fikarohana atao mifandraika amin'ny fiarovana ny zaza, ny mpiasa, na ny fanahiana misy eo amin'ny fiarahamonina hiasantsika.
62. Tsy mamatsy zava-pisotro misy alikaola na tsiranoka manimba ho an'ny ankizy na olon-dehibe marefo ianao.
63. Tsy hiditra an-tsehatra amin'ny zavatra tokony atao any amin'ny toerana tsy misy mahita ianao, ho an'ny ankizy sy ny olon-dehibe tohanantsika, izay zavatra vitan'izy ireo tsy ilàna fanampiana, toy ny fandroana.
64. Tsy apetrakao anatin'ny toerana tsy misy fiarovana ho azy ny ankizy sy ny hafa.
65. Tsy manaiky ianao raha tsy taterina ny zavatra mampanahy, ny fitarainana, na herisetra mety nitranga, na fomba amam-panao tsy mendrika.

### Fahasalamana sy Aroloza

66. Arahanao ny pôlitika sy dingana mifandraika amin'ny fahasalamana sy aroloza ato amin'ny Blue Ventures.
67. Tsy mitondra loza ho an'ny fahasalamana sy ny arolozan'ny hafa ianao.
68. Tsindrianao mazava tsara izay sehatra mampanahy momba ny Fahasalamana sy ny Aroloza, ary ataonao izay ahazoana antoka fa ara-dalàna ny fandraisana an-tanana azy na miakatra amin'ny rafitra mahefa izany.

### Fianarana sy Fanatsarana Mitohy Hatrany

69. Tohizanao hatrany ny fampivoarana ny fahaiza-manaonao sy ny fahalalanao, ho fanatsarana ny fahaiza-miasanao sy handraisanao anjara amin'ny iraka tontosain'ny Blue Ventures.

### Fanaovana Tatitry ny Fitondrantena Tsy Mendrika

70. Eken'ny Blue Ventures fa tsy maintsy manao tatitra amim-pahombiazana isika ho fanatrarana ireo tanjona goavana ho an'ny fiarahamonina hiasantsika sy ny asa tontosaintsika, sady mihetsika manoloana ireo zavatra tsy mety ataon'ny olona, toy ny fisolokiana, ny fandikana ny aroloza, sy ireo fitondrantena hafa tsy mendrika. Noho izany, ny mpiara-miasa, ny mpanohana, ary ny solontena rehetra miasa ho an'ny Blue Ventures na mitondra ny anarany, dia tomponandraikitra amin'ny fanaovana tatitra momba ny zavatra mampanahy azy (amin'ny alalan'ny fantsona mendrika hanaovana izany), momba ny fitondrantenan'ny hafa na ny fomba fiasantsika amin'ny maha-orinasa.
71. Raha toa ianao mpitarika na mpitantan'asa be traikefa, dia manana andraikitra manokana haneho ny fenitra tokony alain'ny rehetra tahaka sy ny **fitondrantena mahay mitarika**, mamorona tontolo hiasana izay manohana ny rehetra hanaraka hatrany ireo fenitra, ary mandray an-tanana araka ny tokony ho izy ny fandikana ny Fitsipi-pitondrantena rehetra.
72. Tsy tokony afenin'ny mpiasa rehetra ny tsara ho fantatra momba ny tranga na fitondrantena manohitra ity fitsipi-pitondrantena ity.
73. Raha manana fanontaniana momba ny fampiharana ireo fitsipika ery ambony ianao, na nandika ity fitsipi-pitondrantena ity, dia resaho ny Lehiben'ny Sampana miandraikitra ny Mpiasa.
74. Tiantsika ho orinasa misokatra, mahay mamantatra ny tsy mety ataony, ary mangarahara ny Blue Ventures, ary efa namorona dingana enti-mitoroka isika, sy Komitin'ny Aroloza sy ny Fitorohana, ho fanohanana ny Fitsipi-pitondrantenantsika.
75. Raha inoanao fa misy olona miasa ho an'ny Blue Ventures na miara-miasa aminy, tsy manohana na tsy manaja ny fitsipi-pitondrantena, **dia tokony resahanao izay mampanahy, amin'ny alalan'ny dingana manokana arahana eo amin'ny firenena misy anao,** na amin'ny alalan'ny takila manokana fenoina ao

blue ventures
beyond conservation

**Blue Ventures Conservation**
The Old Library, Trinity Road
Bristol, BS2 0NW, UK
info@blueventures.org
www.blueventures.org

anatin'ny rohy ifaneraseran'ny mpiasan'ny BV, raha toa ianao mpiasa ato.

76. Raha tsy anisan'ny mpiasa raikitra ato amin'ny BV kosa ianao dia afaka manoratra any amin'ny komitin'ny Aroloza sy ny Fitorohana ato amintsika **(report@blueventures.org)** na mandefa hafa-pohy na hafatra amin'ny alalan'ny WhatsApp: +44 7950 182475, sady manazava izay mampanahy anao amin'ny fiteninao. Tokony lazainao amin'izany ny anaranao, ny laran'ny findainao, na ny adiresy mailaka, raha tsy hoe tsy te hitonona anarana ianao.
77. Asa mifanaraka amin'izay mahaliana ny Mpiraiombonantoka rehetra, no ataon'ny Kômitin'ny Aroloza sy ny Fitorohana. Raisiny amim-pahamatorana avokoa ny fitorohana rehetra, ary ataony izay ahazoana antoka fa tena noraisina an-tanana tamim-pitandremana tokoa ny fitorohana natao, ary handray valiny ianao afaka telo andro fiasana. Raha toa misy fanadihadiana lalina asaina atao, dia faranana amin'ny alalan'ny tatitra mankany amin'ny Filan-kevi-pitantanana sy aminao izany. Raha tsy afapo tamin'ny valiny ianao dia tokony miresaka indray ilay tranga amin'ny vondrona mendrika hiresahana izany, oh: ny mpitandro ny filaminana, ny "UK Charity Commission," na ny rafi-panjakana mahefa ao amin'ny firenena hiasanao.
78. Entanina ny mpiasa ao amin'ny Blue Ventures hanao tatitra momba ny zavatra tsy mety, mitranga ao. Raisintsika amim-pahamatorana avokoa ny fitorohana rehetra, ary vonona isika handalina ny fitorohana rehetra. Ny lalàna "UK Public Interest Disclosure Act 1998" no miaro ny mpiasa tsy hijaly noho ny famotehana na fanalana azy amin'ny asany, vokatry ny fitorohana nataony. Ataontsika mihatra amin'ny mpiara-miasa amintsika rehetra io fiarovana io, na aiza na aiza toerana hiasany. Alaivo sary an-tsaina anefa hoe tsy narahana tamim-pahatokiana ilay dingana (oh: noho ny antony tsy mazava na noho ny fitarainana manokana), ary nivoaka avy tamin'ny fanadihadiana lalina fa nisy antony ratsy nanosika anao hitoroka na hanakorontana fotsiny ihany. Mety handraisana fepetra ianao raha toa io no mitranga.

## FANEKENA MIFANDRAIKA AMIN'NY FITSIPI-PITONDRANTENA

*IZAHO DIA MANAMARINA FA NAMAKY, MAHAZO IZAY VOALAZA, ARY HANARAKA NY FITSIPI-PITONDRANTENA MANDRITRA NY FOTOAN-DREHETRA HIASAKO HO AN'NY BLUE VENTURES NA IARAHAKO MIASA AMINY, NA HITONDRAKO NY ANARANY. MAZAVA AMIKO FA NY FANDIKANA IREO FITSIPIKA SY SINGA REHETRA MISORATRA AO ANATIN'NY FITSIPI-PITONDRANTENA ETSY AMBONY DIA METY MAHATONGA FANDRAISANA FEPETRA EO NO HO EO, MIANKINA AMIN'NY HABEN'NY FANDIKA-DALANA NATAO, ARY METY HO TONGA HATRAMIN'NY FANDROAHANA.*

*HO TATERIKO AMIN'NY ALALAN'NY FANTSONA ARAKA NY TOKONY HO IZY, NY TRANGA REHETRA AHITAKO FANDIKANA NY FENITRA MISORATRA AO ANATIN'ITY FITSIPI-PITONDRANTENA ITY.*

**Sonia** ..........................................................

**Anarana atao sora-boky** ..........................................................

**Toerana misy anao** ..........................................................

**Daty** ..........................................................